REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

****

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA faha-2020 –359 tamin'ny 21 Martsa 2020

MANAMBARA AMPAHIBEMASO NY FAHAMEHANA ARA-PAHASALAMANA MANERANA NY TANIN'NY REPOBLIKA

NY FILOHAM-PIRENENA,

Araka ny lalàm-panorenana, ao amin'ny andininy faha 61;

Araka ny lalàna faha 91-011 tamin'ny 18 jolay 1991 mahakasika ny Vanim-potoana manokana

Araky ny lalàna laharana faha 2011-002 tamin'ny 15 jolay 2011 mikasika ny fifehezana ny fahasalamam-bahoaka ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-1407 tamin'ny 19 jolay 2019 manendry ny Praiminisitra, lehiben'ny Goverenemanta;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2020-070 tamin'ny 29 janoary 2020 nanendry ny mpikambana ao amin'ny governemanta;

Nandritra ny Filankevitry ny Minisitra taorian'ny fakan-kevitra natao tamin'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena, ny filohan'ny Antenimierandoholona ary ny Filohan'ny Fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana;

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA MANARAKA IZAO :

ANDININY VOALOHANY.- mihatra eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny « Fahamehana ara-pahasalamana » mandritra ny 15 andro noho ny antony ara-pahasalamana, nohon'ny fisian'ny toe-javatra goavana mampisahotaka ny fiainam-bahoaka, mba hampizotra ara-dalàna ny asan'ireo fahefam-panjakana.

ANDININY FAHAROA.- Ity didim-panjakana ity dia mifehy ny fampiharana rehetra araky ny voafaritry ny fehezan-dalàna mahakasika ny Vanim-potoana Manokana (situation d'exception) mametra ny atao hoe Fahamehana

ANDININY FAHATELO.- Ho fampiharana ny andininy faha 18 ao amin'ny lalàna faha 91-011 tamin'ny 18 jolay 1991 mikasika ny Vanim-potoana manokana, izay mamaritra ny fahefan'ny Filoham-pirenena amin'ny fampiharana ny fanaraha-maso ny fivezivezen'ny olona sy ny fiara, ny fanaraha-maso ny famatsiana rehetra ary ny fanaraha-maso ny fitaovam-piadiana dia natolotra ny Praiminisitra ny fanatanterahana izany.